Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 01/05/2021 hatramin'ny 08/05/2021

- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/ 034 07 229 86
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/020 22 545 59/034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12
- **CAPITALE** (Rond-point Ankazomanga) 020 23 610 00/032 12 610 00/033 28 693 88/034 25 610 00
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/ 033 74 154 7/032 26 859 84
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/032 04 090 54/034 11 264 50
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi) Tsaralalana - 020 22 370 03/034 22 370 03
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **MIRARISOA** (Ambodimita) 034 06 707 13

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1160-05-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

VOVONANA SENDIKALY SSM

Maro ireo lesoka tokony harenina eo amin'ny tontolon'ny asa

Mbola betsaka ireo ezaka tokony hataon'ny fitondram-panjakana, sy ny sehatra tsy miankina, momba ny fiahiana ny mpiasa, ny fiarovana ny asa, ny famoronana asa, ny fiahiana ara-pahasalamana sy ny ara-tsosialy ho an'ny mpiasa amin'ny sehatra rehetra. Io no nisongadina nandritra ny fanambarana nataon'ny mpikambana eo anivon'ny vovonana sendikaly Ssm, tetsy amin'ny Ministeran'ny vola sy ny toekarena, etsy Anosy ny zoma lasa teo, ho fanamarihana ny andro maneran-tany ho an' ny asa ny 01 mey 2021. Nanohy fanazavana Andriamatoa Ramanalinarijaona Hajazaka, mpitondra tenin'ny vovonana Ssm, fa tokony hatsaraina ny fandraisana andraikitra ataon'ny fitondram-panjakana, indrindra amin'ny fanatanterahana an'ireo fifanarahana iraisam-pirerenena momban'ny asa sy ny politika ary ny didy amam-pitsipika mifehy ny asa eto Madagasikara. Nanohy nanazava izy fa, tsymifandanjana amin'ny fidangan'ny vidim-piainana ny karama, tokony hojerena ny mbola tsy fandoavana ny "Indemnité d'installation" ho an'ny mpiasa misotro ronono, tsy ampy ny famatsiana fanafody sy fitaovana ho an'ny sampandraharaha ara-pahasalamana eny anivon'ny Ministera rehetra, tokony hamafisina ny fiahiana ara-pahasalamana sy ara-tsosialy ho an'ny mpiasa, amin'ny sehatra tsy miankina, tsy ampy ny fitaovana hiarovana ny mpiasa miatrika ny valanaretina Coronavirus, tsy misy ny Vaksiny hatramin' izao, tsy misy manaraka ny baikon'ny filohampirenena amin'ny tsy tokony hiasan'ny olona voasokajy ho marefo manoloana ny valanaretina Coronavirus ary betsaka ireo mpiasa izay teren'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Ministera sy ny orinasa tsy miankina, ka tsy maintsy miasa, mbola nitohy ny fidiran'ny sidina avy any ivelany teto Madagasikara ankoatra ny" Evasan" sy ny "Cargo", tsy misy ny fifampidinihina ara-tsosialy eo amin'ny Ministera sy ny sehatra rehetra, hany ka mahatonga ny tsy fifankazahoan-kevitra eo amin'ny samy mpiasa sy ny mpampiasa. Namarana ny fanambarana nataony ny solontenan'ny vovonana Ssm, fa hadinon'ny fitondram-panjakana ny sendika taorian'ny tolon' ny fanovana natao tamin' ny taona 2018 lasa teo ary ireo fahavalon'ny tolona tamin'izany indray hoy izy ireo, no mahazo vahana amin'izao fotoana izao, hany ka tsy misy ny fiovana eo amin'ny fomba fiasa eo anivon'ny Ministera. Miarahaba ny mpiasa rehetra tratran'ny andro iraisam-pirenena ho an'ny asa ny vovonana Ssm ary manentana ny mpiasa rehetra na mpiasam-panajakana na mpiasan'ny sehatra tsy miankina mba hitandrina mafy sy hanaja ny fepetra arapahasalamana sy ny fepetra sakana, ho fisorohana ny fiparitahan'ny valanaretina Coronavirus.

Franck Razakambelo

Ireo avy amin'ny vovonana sendikaly SSM, tetsy Anosy ny faran'ny herinandro teo.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 348



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0347)

Mitsivalana
- Arovana
- Mamolava
- Tale (miv)
- Anio (miv) – Aty
- Manina (miv)
- Ro – Anana
- Amboa – La (miv)

Mitsangana
- Amboara
- Rà – OM
- Omena
- Volanao
- Ala – Ina
- Vatana
- AV – Tana
- Lamina (miv)

TENY MIFANAPAKA N° 348



Mitsivalana

1. Volamena mainty **2.** Vato fotsy – Mampisafidy **3.** Kabary sy hain-teny **4.** Lavitra tsy hita maso – Karazana ovy **5.** Manokatra – Mampitovy ny saka sy ny Maki **6.** Feo miverina – Voankazo **7.** Miboridana (BL) **8.** Anaram-behivavy – Marina **9.** Enjehina **10.** Naoty – Miady (BR)

Mitsangana

A. Tomady – Bankin'ny tantsaha **B.** Saro-bahana matetika – Tokana (miv) **D.** Zanaka voalohany **E.** Aminy (miv) – Moka tsy misy lohany – Renintsoratra tsy mitovy **F.** Fanatanjahantena **G.** Olo-masina – Ao amin'ny vata **H.** Reny – Kilalaontsaina **I.** Fanekena – Ao amin'ny Baiboly (miv) **J.** Hita amin'ny fanorona – Kianteny **K.** Haingana – Tovona

Valiny Teny mifanaraka 0347

Mitsivalana

1. Menaka - (T)afa 2. Ara - Arabo 3. Nanafenana 4. Omena 5. Rary - DR - At(y) 6. Taranaka (miv) 7. Faty - Inona 8. Ota - Tomany (miv) 9. Adino (miv) 10. Trano - Fora

Mitsangana

A Mandrafo B. Era - Rotaka (miv) D. Nanoratana E. Aminy - In F. Kafe - Ody (miv) G. Arendrina H. Anarana I. Aba - Tompo J. Fonja - No K. Tratra